



## MINISTERE DE L'AGRICULTURE ET DE L'ELEVAGE

### ARRETE N°22.614 /2018

**Portant création et organisation du Comité National de Pilotage (CNP) du Programme de développement des filières agricoles inclusives (DEFIS) au sein du Ministère de l'Agriculture et de l'Élevage.**

#### LE MINISTRE DE L'AGRICULTURE ET DE L'ELEVAGE,

- Vu la Constitution ;
- Vu la Loi n°2017-051 du 15 janvier 2018 portant ratification de l'Accord de Financement Prêt n°2000002127 et Don N°2000002128 relatif au Programme de développement des filières agricoles inclusives (DEFIS) entre la République de Madagascar et le Fonds International de Développement Agricole (FIDA) ;
- Vu le décret n°2018-529 du 04 juin 2018 portant nomination du Premier Ministre, Chef du Gouvernement ;
- Vu le décret n°2018-540 du 11 juin 2018 portant nomination des membres du Gouvernement ;
- Vu le décret n°2018-544 du 14 juin 2018 fixant les attributions du Ministre de l'Agriculture et de l'Élevage, ainsi que l'organisation générale de son Ministère ;

#### ARRETE :

**Article premier :** Il est créé, un Comité National de Pilotage du Programme de développement des filières agricoles inclusives (DEFIS) au sein du Ministère de l'Agriculture et de l'élevage.

**Article 2 :** Le Comité National de Pilotage a pour mandat de donner les orientations politiques et stratégiques du Programme DEFIS, d'assurer la coordination générale et la supervision de sa mise en œuvre. A cet effet, le Comité de Pilotage a pour attributions :

- D'approuver le programme de travail et budget annuel du Programme ;
- De valider les stratégies et les modalités de mise en œuvre du Programme ;
- D'évaluer le niveau d'avancement des activités et des résultats du Programme et leur alignement sur les stratégies du secteur rural

**Article 3 :** Le Comité National de Pilotage est présidé par le Secrétaire Général du Ministère de l'Agriculture et de l'élevage.

**Article 4 :** Les membres du Comité National de Pilotage de DEFIS sont composés comme suit:

- le Secrétaire Général du Ministère chargé de l'Agriculture ;
- le Représentant de la Direction Générale de l'Administration, de la Programmation et du Budget du MINAE ;
- le Représentant du Ministère en charge des Finances (DDP) ;
- le Représentant du Ministère en charge de l'Aménagement du Territoire ;
- le Représentant du Ministère en charge des travaux publics ;
- le Représentant du Ministère en charge de la pêche ;
- le Représentant du Ministère en charge de l'environnement ;
- quatre représentants du Tranoben'ny Tantsaha Mpamokatra Nasionaly (CA) ;
- deux représentants de la fédération des chambres de commerce et de l'industrie.

**Article 5** : Les membres du Comité de Pilotage sont nommés par décision du Ministre chargé de l'Agriculture.

**Article 6** : Le Coordonnateur National du DEFIS assure le Secrétariat du Comité National de Pilotage.

**Article 7** : Le Comité National de Pilotage a deux réunions ordinaires dans l'année et des réunions extraordinaires peuvent être organisées en cas de besoin.

**Article 8** : Au niveau régional, le pilotage du Programme sera assuré par des Comités régionaux d'orientation et de suivi (CROS) dans chacune des régions d'intervention. Les CROS auront les mêmes fonctions que le CNP à l'échelle régionale.

**Article 9** : Les membres du CROS de DEFIS sont composés comme suit :

- le Chef de Région ;
- la Direction de développement rural ;
- la Direction Régionale en charge de l'Agriculture et de l'Elevage ;
- la Direction Régionale en charge des ressources halieutiques et de la Pêche ;
- la Direction Régionale en charge de l'environnement ;
- le Représentant du Comité Régional d'Orientation et d'Allocation (CROA) pour le FDA ;
- les Représentants du Tranoben'ny Tantsaha Mpamokatra au niveau régional.

Le Coordonnateur Interrégional (CIR) assurera le secrétariat du CROS.

**Article 8** : Le présent arrêté sera enregistré et publié au *Journal Officiel* de la République.

Fait à Antananarivo, le 18 septembre 2018



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

## MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA

### DIDIM-PITONDRANA LAHARANA-22.614 /2018

Ananganana sy andaminana ny Komity Nasionaly Mpitarika (CNP) ny Fandaharan'Asa momba ny fampiroboroboana ireo zohim-pihariana ara-pambolena mampandray anjara (DEFIS) eo anivon'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana

### NY MINISITRY NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA,

- Araka ny Lalàm-panorenana ;
- Araka ny lalàna laharana faha-2017-051 tamin'ny 15 janoary 2018 momba ny fanaovan-tsonian'ny Fifanarahana ara-pamatsiam-bola amin'ny fampindramam-bola laharana faha-2000002127 sy fanomezana laharana faha-2000002128 mikasika ny Fandaharan'Asa momba ny fampiroboroboana ireo zohim-pihariana ara-pambolena mampandray anjara (DEFIS) eo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny « *Fonds International de Développement Agricole* » (FIDA) ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2018-529 tamin'ny 04 jona 2018 anendrena ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2018-540 tamin'ny 11 jona 2018 anendrena ireo mpikambana eo anivon'ny Governemanta ;
- Araka ny didim-panjakana laharana faha-2018-544 tamin'ny 14 jona 2018 mametra ny anjara andraikitra ny Minisitry ny Fambolena sy ny Fiompiana, ary koa ny fandaminana ankapobe ny Minisiterany ;

### DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PITONDRANA MANARAKA IZAO :

**Andininy voalohany:** Atsangana, ny Komity Nasionaly Mpitarika ny Fandaharan'Asa momba ny fampiroboroboana ireo zohim-pihariana ara-pambolena mampandray anjara (DEFIS), eo anivon'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana.

**And.2 :** Ny Komity Nasionaly Mpitarika no manome ireo sori-dalàna ara-politika sy ara-paik'ady mikasika ny Fandaharan'Asa DEFIS, miantoka ny fandrindrana ankapobe sy ny fiandraiketana ny fanatanterahana azy. Noho izany, ireto avy ny anjara asan'ny Komity Mpitarika :

- mankatoa ny drafitr'asa sy ny tetibolan'ny Fandaharan'Asa isan-taona ;
- manamarina ireo paik'ady sy fombafombam-panatanterahana ny Fandaharan'Asa ;
- manombana ny fandrosoan'ny asa sy ny vokatry ny Fandaharan'Asa, ary ny filaharan'ireo amin'ireo paik'ady momba ny sehatra Ambanivohitra.

**And.3:** Ny Sekretera Jeneraly ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana no filohan'ny Komity Nasionaly Mpitarika.

**And.4:** Eo anivon'ny Komity Nasionaly Mpitarika ny DEFIS dia ahitana an'ireto mpikambana manaraka ireto:

- ny Sekretera Jeneraly ny Minisitera misahana ny Fambolena ;
- ny solontenan'ny Foibem-pitondrana Ankapobe misahana ny Fitantanan-draharaha, ny Fandaharan'Asa sy ny Tetibola eo anivon'ny MINAE ;
- ny solontenan'ny Minisitera misahana ny Fitantanam-bola (DDP) ;
- ny solontenan'ny Minisitera misahana ny Fanajariana ny Tany ;
- ny solontenan'ny Minisitera misahana ny Asa Vaventy ;

- ny solontenan'ny Minisitery misahana ny Jono ;
- ny solontenan'ny Minisitery misahana ny Tontolo lainana ;
- solontena efatra avy amin'ny Tranoben'ny Tantsaha Mpamokatra Nasionaly (CA) ;
- solontena roa avy amin'ny federasionan'ny Tranoben'ny Varotra sy ny Indostria.

**And.5 :** Ireo mpikambana eo anivon'ny Komity Mpitarika dia tendrena amin'ny alalan'ny fanapahan'ny Minisitry misahana ny Fambolena.

**And.6 :** Ny Mpandrindra Nasionaly ny DEFIS dia miantoka ny sekretarian'ny Komity Nasionaly Mpitarika.

**And.7 :** Ny Komity Nasionaly Mpitarika dia mivory ara-potoana in-droa isan-taona, ary azo atao ny mivory tsy ara-potoana, raha ilaina.

**And.8 :** Eo anivon'ny Faritra, ny fitarihana ny Fandaharan'Asa dia iantohan'ireo Komitim-paritra momba ny sori-dalana sy ny fizohiana (CROS) eo amin'ireo Faritra iasany tsirairay. Ireo andraikity ny CROS dia mitovy amin'ireo andraikity ny CNP any amin'ny Faritra.

**And.9:** Eo anivon'ny CROS eo amin'ny DEFIS dia ahitana an'ireto mpikambana manaraka ireto:

- ny Lehiben'ny Faritra ;
- ny Foibem-pitondrana misahana ny Fampiroboroboana ny Eny Ambanivohitra;
- ny Foibem-pitondram-paritra misahana ny Fambolena sy ny Fiompiana ;
- ny Foibem-pitondram-paritra misahana ny Harena Aty Rano sy ny Jono;
- ny Foibem-pitondram-paritra misahana ny Tontolo lainana ;
- ny solontenan'ny Komitim-paritra momba ny sori-dalana sy ny famatsiam-bola (CROA) ho an'ny FDA ;
- ireo solontenan'ny Tranoben'ny Tantsaha Mpamokatra eo anivon'ny Faritra.

Ny mpandrindra iraisam-paritra (CIR) no miantoka ny sekretarian'ny CROS.

**And.8:** Ity didim-pitondrana manaraka ity dia ho raiketina sy avoaka amin'ny Gazetim-panjakanan'ny Repoblika.

Natao teto Antananarivo, ny 18 septambra 2018